# Sokajy 1: Fitadidiana (Mémorisation)

| Santionam-panontaniana | Activité azo atao |
|---|---|
| • Lazao ny famaritana ny teny hoe....<br>• Inona no nitranga taorian'ny ... ?<br>• Firy... ?<br>• Iza ilay... ?<br>• Omeo ny anaran'ny... ?<br>• Iza ilay niresaka tamin'i... ?<br>• Inona no... ?<br>• Marina sa diso... ?<br>• Soraty ny ... rehetra<br>• Soritsorito...<br>• Tadiavo amin'ny « carte » i Angletera.<br>• Omeo ny anaran'ity biby ity. | • Fenoy ny banga.<br>• Asaivo manao lisitra izay zavatra rehetra hainy mahakasika lohahevitra iray ny mpianatra.<br>• Manaova "carte mentale" mikasika io lohahevitra io.<br>• Ataovy lisitra ireo tranga (évènement) lehibe.<br>• Alaharo araka ny daty nitrangany ireo tranga lehibe ireo.<br>• Ataovy lisitra ireo ... rehetra ao anatin'ilay tantara/ Lahatsoratra/vakiteny.<br>• Manaova sary peta-drindrina (poster/affichage) izay maneho ny zavatra hainao mikasika lohahevitra iray.<br>• Valio ireo fanontaniana mikasika ireo hevi-dehiben'ny lesona ireo.<br>• Manaova ilay kilalao "Fady".<br>• Karatra misy fanontaniana amin'ny lafiny iray ary misy ny valiny ao ambadika. Asaina mampiasa izany ireo mpianatra mba ahafahan'izy ireo mifanadina.<br>• Manao "Marina sa diso", amin'ny alalan'ny fampiasana ankihibe |

# Sokajy 2: Fahazoana (compréhension)

| Santionam-panontaniana | Activité azo atao |
|---|---|
| • Soraty amin'ny teninao manokana (propres mots)...?<br>• Fintino ny ....<br>• Inona avy ireo zavatra ahafahanao mamantatra fa ... io?<br>• Inona no eritreretinao hitranga aorian'izany?<br>• Fantaro ny ...?<br>• Inona amin'ireo teny amin'io fehezanteny io no "verbe"?<br>• Inona no hevi-dehibe voarakitra...?<br>• Iza no mpilalao fototra...?<br>• Afaka manome ohatra maneho izay zavatra tianao ambara ... ve ianao?<br>• Mamorona fehezanteny misy ny teny hoe ... | • Manorata ary milalaova tantara an-tsehatra mifototra amin'ilay tantara teo.<br>• Tantarao amin'ny teninao ilay tantara teo.<br>• Manaova sarina ...<br>• Manorata fehezanteny izay manohana sy fehezanteny izay manohitra hevitra iray.<br>• Fampitomboana ny fahazoana amin'ny alalan'ny fanaovana "expérience" izay hitadiavana "information" vaovao.<br>• Hazavao nahoana no ...<br>• Asehoy hoe iza amin'ireo biby amin'ny sary ireo no gidro.<br>• Adikao amin'ny tenin-drazanao (traduisez) ity lahatsoratra ity . |

## Sokajy 3: Fampiharana (application)

| Santionam-panontaniana | Activité azo atao |
|---|---|
| • Mahafantatra ohatra hafa izay ...ve ianao?<br>• Alaharo araka ny sokajiny (classifier) ireto horonan-tsary ireto...?<br>• Asehoy fa marina ny ...<br>• Inona amin'ireo sokajy ireo no tokony hisy ny ...?<br>• Avy amin'ireo "information" nomena ireo, afaka mamolavola toro-lalana mikasika ny ....ve ianao?<br>• Mety nilainao ve io "information" io raha nanana .... ianao?<br>• Vahao ity olana ity (Resoudre ce problème):<br>• Ataovy kisarisary (esquisse) ny... (Ny esquisse dia sary izay maneho ny zavatra important rehetra).<br>• Nahoana no tsy hita amin'io « esquisse » io ny ...? | • Valio ireto andiam-panontaniana ireto.<br>• Ampiharo amina "problème" hafa io méthode naseho io.<br>• Manaova tantara hanehoanao ny fahazoanao ny lesona.<br>• Manamboara "jeu de puzzle"/lisi-panontaniana avy amin'ny alalan'ireo hevitra noraisinao tamin'ilay zavatra nianarana teo.<br>• Manamboara modely vita amin'ny tanimanga an'ny iray amin'ireo zavatra voarakitra ao amin'ny lesona.<br>• Manaova teti-barotra ho an'ny vokatrao ary amin'izany dia raiso ho modely ireo tetika efa fantatrin'ny be sy ny maro.<br>• Vahao ity "problème" mikasika ny lesona ity.<br>• Milaza ohatra hafa fantatrao mikasika ny ....<br>• Manaova ady hevitra ao an-dakilasy. |

## Sokajy 4: Fitsikerana (analyse)

| Santionam-panontaniana | Activité azo atao |
|---|---|
| • Mety nanao ahoana ny fiainana teto amin'izao tontolo izao raha ... ?<br>• Ampitaho ary ampifanohero ...<br>• Fakafakao ny fomba fiasan'ny "système complexe" iray (oh: machine, gouvernement, cycle de vie du paludisme/d'un parasite).<br>• Inona no lohahevitra ifotoran'ny...?<br>• Inona koa no mety ho vokatr'izany?<br>• Afaka hazavainao ve hoe nahoana no nitranga ny...?<br>• Inona avy no lafiny tsara sy lafiny ratsy mikasika ny...<br>• Inona no mety antony ambadika nahatonga ny...?<br>• Inona no ifandraisan'ny ... sy ny ...?<br>• Inona no nahatonga ny....? | • Manamboatra "questionnaire" hanangonana "information".<br>• Manoratra doka hamarotana vokatra iray vaovao.<br>• Manao fikarohana mikasika ny...<br>• Manamboatra "diagramme" maneho ireo dingana lehibe...<br>• Manamboatra "arbre généalogique" maneho ny fifandraisan'ireo olona ireo.<br>• Mamorona tantara an-tsehatra mikasika ilay zavatra ianarana.<br>• Manoratra ny tantaram-piainan'ilay olona ianarana.<br>• Manomana famelabelaran-kevitra mikasika...<br>• Mametraka fanontaniana mikasika lohahevitra iray.<br>• Mitsikera boky |

| Sokajy 5: Fanombanana (évaluation) | |
|---|---|
| **Santionam-panontaniana** | **Activité azo atao** |
| • Misy vahaolana tsara kokoa ho an'ny... ve?<br>• Manao ahoana ny fahitanao ny ...<br>• Afaka manohana ny hevitrao mikasika.... ve ianao?<br>• Araka ny hevitrao, tsara sa ratsy ny...? Nahoana?<br>• Inona no mety nataonao tamin'ny toe-javatra toy izany?<br>• Inona no soso-kevitra fanovana ny ... atolotrao?<br>• Inona avy ny "hypothèse" azo avy amin'izany porofon-kevitra izany?<br>• Ahoana no hanaporofonao/ handavanao ny...?<br>• Amin'ny fotoana manao ahoana no ahafahana manamarina ny...?<br>• Manao ahoana ny fahitanao ny "efficacité" ny ...?<br>• Nahoana no nifidy ny hanao...izy ireo?<br>• Inona no tanjon'ny...? | • Manomana lisitra "critère" hitsarana .... Omeo ny laharam-pahamehana sy ny fomba hanomezana naoty.<br>• Manaova ady hevitra.<br>• Manaovana tombana ny fahaizanao ilay lesona.<br>• Manaova tombana mikasika ireo zavatra tokony hianaranao be be kokoa amin'ity taranja ity.<br>• Manorata tatitra mikasika...<br>• Manomana porofo entinao hanohanana ny fomba fijerinao ny...<br>• Manaova jery todika ny...<br>• Manomeza toro-hevitra mikasika ny fitaovana tsara indrindra tokony hampiasaina amin'ny lesona siansa.<br>• Asaivo mitsara ny "devoir" nataon'ny namany ireo mpianatra. |

| Sokajy 6: Famoronana sy famintinana (création et synthèse) | |
|---|---|
| **Santionam-panontaniana** | **Activité azo atao** |
| • Manamboara ... ho an'ny...<br>• Araka ny hevitrao, inona no mety hitranga raha ...?<br>• Manomeza vahaolana ho an'ny ... .<br>• Inona no ataonao raha....?<br>• Inona no mety fomba hafa azo ampiasaina ny...?<br>• Mamorona "recette" vaovao.<br>• Manorata tolotra ho an'ny...<br>• Manorata tantara mahakasika ...<br>• Araka ny hevitrao, mety ahoana no nanamboarana ny ...?<br>• Inona no mety fanovana ataonao @ ... mba hahafahana mampiasa izany amin'ny toe-javatra toy izao...?<br>• Ahoana no fomba hanazavana ny ...? | • Mamorona fitaovana afaka manao asa iray manokana.<br>• Mamorona vokatra vaovao ary manomana "campagne marketing" ho an'izany.<br>• Manorata seho amin'ny vata fahitalavitra, fampisehoan-tsaribakoly (marionnette), "jeu de role", hira na tantara amin'ny baiko moana mikasika...<br>• Miara miasa "en groupe" ka mitady vahaolana tsara indrindra hamahana olana iray.<br>• Manaova taozavatra iray<br>• Manao vinavina ny mety ho vokatra azo avy amin'ny "experience scientifique".<br>• Manoratra fikarohana siantifika hahafantarana...<br>• Manorata tantara na "dialogue" mampiasa ilay rafitra fehezanteny nianaranao androany. |